FAMPIANARANA TSY MIANKINA

# Toa famonoana ny sekoly sy ny mpampianatra mihitsy no ataon'ny fitondrana

Raha ny fepetra noraisin` ny fanjakana, sy ny fomba fiasan`ny minisiteran`ny fanabeazana ankehitriny dia tena efa mizotra, ho amin' ny famonoana ny sekoly tsy miankina sy ny mpampianatra ao aminy mihitsy, no ataon'ny fitondrana amin'izao fotoana. Akaton`ny fanjakana foana araka izay itiavany azy ny sekoly manoloana ny aretina corona sy ny tondra-drano, fa tsy misy vahaolana matotra sy maty paika . Tsy hay hoe rahoviana marina no hiverina hianatra? Tsy misy ny vahaolana raisina hatreto fa dia miandry fotsiny no atao. Efa lasa fahazaran`ny minisiteran`ny fanabeazana anefa ny miteny, fa "tsy mihemotra ny datim-panadinana". Mahagaga ihany koa fa ny mpampianatry ny sekolim-panjakana marobe dia efa miteny ankehitriny, fa efa vita hono ny azy ny programa, fa famerenana sisa no hatao ary miandry ny datin`ny fanadinana fotsiny ! Tena maro no faly amin`izy ireo , indrindra na mbola afaka telo volana aza vao hiverina an-tsekoly ny mpianatra , satria ny karamany tokoa azony foana , tsy tapaka ary feno hatreto . "Dia gaga ianao" hoy ilay fomba fiteny malaza ankehitriny, satria roa volana indroa izay no nianatra ny mpianatra . Efa ela ve izany no efa nampahafantarina ry zareo fa lamasinina TGV tokoa no iarahan`izy sy ny mpitondra mitaingina, ka vita ao anatin`ny efa-bolana ny lalana tokony hodiavina mandritry ny 9 na 10 volana ? Iaraha-nahita tokoa fa ny an-dry zareo sekolim-panjakana foana tokoa no be afa-panadinana tato ho ato, ka dia mampametra-panontaniana ny zavatra toy izany, satria dia hita ihany ny fahatapatapahana matetika amin`ireny sekolim-panjakana ireny sy ny zava-tsy milamina any izay tsy horesahina eto aloha . Ny mpampianatry ny sekoly tsy miankina kosa etsy ankilany mitebiteby andro aman`alina : rahoviana no hitohy ny fianarana ? Izao dia nampanantenaina indray fa ho avy ato ho ato ny subvention ho azy ireo , izay marihina fa tao anatin`ny 3 taona nandraisan` ny mpitondra ankehitriny ny fitondrana dia tapaka izany ary tsy nisy intsony aloha , nefa tamin`ny fitondrana rehetra teo aloha dia nisitraka izany hatrany ny mpampianatry ny tsy miankina. Tao anatin`izay 3 taona izay anefa dia asaina manao taratasy foana ny Talen`ny sekoly tsy miankina , milaza ny anaran`ny mpampianatra ao aminy sy ny mombamomba azy saingy ny taratasy foana, sy ny lisitra no nalefa fa tena tonga amin`ilay fitenenana hoe "tena niandry an`i Paoly " hatreto ny mpampianatra, nefa dia vola 24000 ariary isan-taona isaky ny mpampianatra io hamilafilana azy io !

Ny mpivarotena anefa , tsy nisy fanadihadiana firy nataon`ny filoha taminy tamin`ny fotoan` andro, fa herinandro dia nivoaka ny iray hetsy ariary tsirairay ho azy ireo. Ankoatr` izany dia tratry ny antsojay mandrakariva ny sekoly tsy miankina, raha mba manokatra ny sekoly ho fitsinjovana ireo mpianatra hanala fanadinampanjakana, sy mba tsy hampikororosy ny fari-pahaizan`ny mpianany . Aidina malaky ny mpitandro filaminana hanakatona ny sekoly sy handrahona ny tale. Mba manana izay mba mety ho fiandrianany, sy traikefany ihany anefa ny tale ary mahafantatra tsara ny zavamisy ao amin`ny sekoly iadidiany. Singanina ihany koa ny fanomezana nomen`ny fanjakana ho an `ny tra-boina satria dia kahie sy stylo no nozaraina ho an`ny sasany tamin`izy ireo na dia vary sy sakafo aza no nandrandrainy. Dia tena tiana hopotehina mihitsy ve ny sekoly tsy miankina ? Naverina natambatra ny fampianarana ankapobeny sy teknika raha vao nandray ny fitondrana ny mpitondra . Avy eo anefa dia naverina nozaraina indray, satria mazava fa tena tsy mitombina ny fampiarahana ireo minisitera roa ireo . 3 taona nitondrana ny mpitondra fa dia mbola ny andranandrana ihany no betsaka ankehitriny ary tsy misy zavabanona eo amin`ny tontolon`ny fanabeazana hatreto , fa dia mitotongana tsy misy toy izany ny fari-pahaizan`ny mpianatra . Iniana hopotehina ve ny sekoly ary tena tanjona ny hahadonto ny zaza Malagasy, mba hahamora hatrany ny fanabadoana azy ireo ?

**Ny Valosoa**

Tapi-dalan-kaleha

# Nijoboka tao amin'ny ranon'Anosy, tratra ireo mpanendaka roa



*Ilay mpanendaka, anisan'ny tratra tao Anosy.*

Nisehoana trangana tsy fandriampahalemana teny amin'ny faritra manodidina ny ranon'Anosy omaly. Mpanendaka roa nanao ny asa ratsiny no hitan'ny olona ka nifanenjehana. Tovolahy roa no nifanenjehan'ny olona rehefa avy nanao ny asa ratsiny nanendaka. Rehefa hitan'izy roalahy anefa hoe nanaraka akaiky ireo andian'olona nanenjika azy dia niaraka nitsoraka tao amin'ny ranon'Anosy izy ireo. Efa tonga teny an-toerana nanenjika azy ireo koa ny mpitandro filaminana avy amin'ny polisim-pirenena tamin'izany, ka nanaiky ny niakatra moramora ireo mpanendaka roalahy, noraisim-potsiny ary efa eo ampelatanan'ireo mpitandro ny filaminana. Taorian'ilay mpandroba "taxi-phone" nitsoraka tao anaty rano tetsy Tsaramasay Ankorondrano afak'omaly arak'izany dia toy izay ihany koa ity tranga niseho omaly teny Anosy ity.

**Stefa**

Toetrandro Boeny sy Betsiboka

# Mbola mety hiakatra ny reniranon'i Betsiboka

Mety hiakatra be ny reniranon'i Betsiboka amin'izao farapaparan'ny herinandro izao. Maro ireo rano avy aty afovoan-tany mivarina any amin'ny reniranon'i Betsiboka, anisan'ny mahatonga ny fiakaran'ity renirano ity any amin'ny faritra Betsiboka sy Boeny izany, mialoha ny fivarinany any an-dranomasina. Reniranon'i Betsiboka eo Ambodiroka (tetezana RN4): raha ny haavon'ny rano eo Betsiboka eo amin'ny tetezana RN4 dia 3,50 m afak'omaly. Omaly, nijotso ka lasa 3,12 m ny haavony. Hijotso hatrany anefa io ao anatin'ny 24 ora ho avy. Noho izany: foana ny filazana loza mihàtra, miloko mena amin'ny fiakaran'ny rano ho an'ny distrikan' Ambato-Boeny sy Marovoay. Na izany aza, dia mila mitandrina hatrany ny mponina. Reniranon'i IKopa eo Maevatanana: raha ny haavon'ny rano eo amin'ny reniranon'Ikopa ao Antafia (akaikin'i Maevatanana) afak'omaly dia 3,60 m. Omaly, nihena ho 3,30 m sisa. Mihena hatrany anefa izany ao anatin'ny 24 ora ho avy. Na izany aza, tokony hitandrina hatrany ny any amin'iny faritra Betsiboka sy Boeny iny, satria mbola mety hanonga izany haavon'ny rano izany, arakaraky ny toetrandro.

**Niaina**



*Ny reniranon'i Betsiboka.*

Rugby « Tournoi des Six Nations 2022 »

# Hanomboka amin'ny 5 febroary 2022

Hanomboka amin'ny 5 febroary 2022 ka tsy hifarana raha tsy any amin'ny faha-19 martsa 2022 ny fifaninanana rugby «Tournoi des Six Nations 2022 », izay karakarain'ny «Six Nations Rugby Limited» .



*Rugby « Tournoi des Six Nations 2022 ».*

Firenena 6 mazava loatra no handray anjara amin' ity fifaninanana ity (Angleterre, Écosse, France, Pays de Galles, Irlande ary Italie), ka samy hikatroka avy amin'ireo mpifanandrina rehetra mandritra ny 5 herinandro ny ekipa iray, izany hoe lalao miisa 15 no totaliny amin'ny ankapobeny.

Fandaharan-dalao andro voalohany 05 janoary 2022 : Irlande # Pays de Galles, Ecosse # Angleterre.

Fandaharan-dalao andro voalohany 06 janoary 2022 : France # Italie.

**Rainilita**

Groupe Alain Rabevason

# 20 taona nijoroana, miketrika seho sy rakitsary

Ny taona 2002 no nahita masoandro ny Groupe Alain Rabevason « GAR ». Tarika resy lahatra amin'ny ambongadiny amin'ny fampiasana ny talentan'izy ireo, ho amin'ny asa fitoriana ny filazantsara tanterahana amin'ny alalan'ny hira sy dihy an-tsehatra. I Alain Rabevason izay mpmoron-kira no mpandrindra no angady nanana sy vy nahitana ny « GAR ».

Mampiavaka ny Groupe Alain Rabevason ny fahafehezan'izy ireo ny bankira rehetra (Mihetsika sy milamina) misy eto ambany masoandro. Tsikaritra ironan'izy 15 mianaka mandrafitra ny « GAR » ny filalaovana ny gadona mihetsika « Mafana » toto-tanana Malagasy sy ny an'ireo Vahiny. Mitaona mandrakariva ireo liankanto hiantoraka amin'Andriamanitra ny tononkiran'ny tarika. Fiketrehana ny famoahana ny kapila mangirana laharana faha-04 « Aza maloka » sy fikarakarana seho goavana eto Analamanga ary mety hipaka hatrany amin'ny faritra. Ireo no fandaharam-potoana efa voafaritr'ireo mpikambana eo anivon'ny, Groupe Alain Rabevason, hanamarihana ny faha- 20 taona nilonan'izy ireo tamin'ny fitoriana ny filazantsara amin'ny alalan'ny mozika sy ny hira ary ny dihy. Tsy mifidy fiangonana na fikambanana hiaraha-miasa ho amin'ny fanabeazamboho ny sehatry ny asa fitoriana ny « GAR ».

**Lalasoa R.**




*Alain Rabevason, lehiben'ny « GAR ».*

Can Cameroun 2022

# Niserana fotsiny ny hafalian'i Malawi

Niserana fotsiny ny hafalian'i Malawi izay raha nahatafiditra ny baolina voalohany teo amin'ny 1/8-dalana nifanandrinany tamin'i Maroc tamin'ny talata 25 janoary alina 2022 lasa teo. Tsy namelan'i Maroc mantsy raha tsy nahatafidirany baolina 2 izy ireo teo amin'ity lalao ity.

I Cap-Vert kosa dia lavon'i Sénégal 2-0 tamin'io andro talata io.

Marihana fa omaly alarobia 26 janoary 2022 no nanatanterahana an'ireo lalao ampahavalon-dalana farany amin'ny fifaninanana baolina kitra Can andiany faha-33 tanterahina any Cameroun ity, ka nifanandrinan'i Côte d'Ivoire sy Egypte andaniny ary Mali sy Guinée Equatoriale ankilany.

Marihana fa amin'ny sabotsy 29 sy amin'ny alahady 30 janoary ho avy izao no hanatanterahana an'ireo lalao 1/4-dalana amin'ity fifaninanana ity.

**Rainilita**




*Can Cameroun 2022.*